Rehefa miditra ao amin'ny moske ny iray aminareo, dia aoka izy hanao soalat roa raka'at avy hatrany mialohan'ny hipetrahany

Tatitra azo avy amin'i Abo Qatàda Al-Salami (R.A), niteny ny Mpaminany (S.AW) manao hoe : "Rehefa miditra ao amin'ny moske ny iray aminareo, dia aoka izy hanao soalat roa raka'at avy hatrany mialohan'ny hipetrahany."

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Namporisika ny Mpaminany (S.A.W) amin'izay rehetra tonga sy miditra ao amin'ny moske amin'ny fotoana rehetra, na amin'ny tanjona rehetra, ny hanao swalat roa raka'at alohan'ny hipetrahana, izy io dia ny roa raka'at fiarahabana ny moske.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/65091